

FUTUR PROCHE ET PASSE RECENT

Anisan'ny fahita matetika amin'ny teny frantsay ny fampiasana ny "futur proche" sy ny "passé récent". Ankoatra ny filazam-potoana izay efa hita amin'ny conjugaison, dia ampiasaina betsaka amin'ny resaka mahazatra ihany koa ireto filazam-potoana roa ireto manampy amin'ny filazana zavatra ho avy na lasa.

- **Futur proche**

Ny verbe "aller", tanisaina amin'ny présent de l'indicatif ka miaraka amin'ny verbe hafa no maneho nny futur proche

aller + verbe à l'infinitif (verbe tsy voatanisa)

NB: Verbe "aller" au présent de l'indicatif: Je vais, Tu vas, Il va, Nous allons, Vous allez, Ils vont

Ny futur proche dia natao anehoana asa na tranga hiseho ao anatin'ny fotoana fohy, na koa zavatra efa azo antoka fa hiseho na hatao amin'ny hoavy.

Exemples:

- Je vais me coucher. / Handeha hatory aho.
- Il va pleuvoir toute la journée. / Ho avy ny orana mandrapa-hariva ny andro.
- Il va prendre son bain. / Handeha handro izy.
- Le train va partir dans la prochaine heure. / Hiainga ao anatin'ny adiny iray ny lamasinina.
- Nous allons rentrer en début de l'après-midi. / Hody raha tolak'andro izahay.
- Je vais être en retard. / Ho tara aho.
- Nous allons nous marier, Sophie va être maman. / Hivady izahay, dia ho lasa neny amin'izay i Sophie.

Azo ampiasaina amin'ny endrika manontany sy mandà ihany koa ny futur proche.

- Va-t-il pleuvoir cet après-midi? / Ho avy ve ny orana androany tolak'andro ?
- Allons-nous rester ici longtemps ? / Hijanona maharitra eto ve isika ?
- Je ne vais pas sortir aujourd'hui. / Tsy handeha hivoaka aho androany.
- On ne va plus se voir. / Tsy hifankahita intsony isika.

- **Passé récent**

Ny passé récent, izay azo adika arabakiteny amin'ny teny malagasy hoe "lasa vao haingana", dia arafitry ny verbe "venir de" tanisaina amin'ny présent de l'indicatif miampy verbe hafa amin'ny endrika infinitif (tsy voatanisa).

venir de + verbe à l'infinitif (tsy voatanisa)

NB: Verbe "venir" au présent de l'indicatif: Je viens, Tu viens, Il vient, Nous venons, Vous venez, Ils viennent

Raha anehoana zavatra hitranga ao anatin'ny fotoana fohy ny futur proche, dia natao ilazàna zavatra vao natao na vao nitranga kosa ny passé récent. Tahaka ny hita amin'ny teny malagasy hoe "Vao avy niresaka taminy aho." na "Vao tonga mihitsy izy."

Exemples:

- Je viens de rencontrer le Directeur./ Vao avy nihaona tamin'ny Directeur aho.
- Papa vient de prendre sa retraite./ Vao avy nandray ny fisotron-drononony i dada.
- Nous venons d'apprendre la nouvelle./ Vao avy naheno ilay vaovao mihitsy izahay.
- Mes parents viennent d'arriver à la maison./ Vao tonga ato an-trano ny ray amandreniko.
- Je viens d'être élu Président de l'association./ Vao voafidy ho filohan'ny fikambanana aho.
- Vous venez de passer à table./ Vao avy nisakafo ianareo.
- Ils viennent d'obtenir leur baccalauréat, cette année./ Vao nahazo ny diploma BACC izy ireo tamin'ity taona ity.

Azo ampiasaina amin'ny endrika manontany sy mandà ihany koa ny passé recent.

- L'avion vient-il d'atterrir?/ Vao nipetraka mihitsy ve lay fiara manidina ?
- Tu viens d'arriver ?/ Vao tonga angaha ianao ?
- Non, je ne viens pas de dormir./ Tsy vao avy natory aho ka.
- Les enfants ne viennent pas de finir l'école./ Tsy vao nirava ny mpianatra.